# ALAHADY TSOTRA FAHA 12 TAONA B




## *ANDRIAMANITRA NO VONJINTSIKA SY ARONTSIKA….*

Ry Kristianina havana, tsy mbola vita ny « ady » ary tsy mbola vita ny « dia ». Mbola tena ao anatin'ny KORONTANAVIRUS isika izao. Tsy mbola tafita ny ala ka tsy afaka misioka.

Io Evanjely io no novakian'i Papa François tamin'ny taon-dasa teo amin'ny kianjan'i Md Piera raha niantso vavaka isika. Nohariny amin'izay nitranga tamin'ireo Apostoly ny zavatra iainantsika izao. Tsy nisalasa izy nilaza fa ny TRANOBEN'ANDRIAMANITRA io sambo voafofon'ny rivo-mahery ka mitady ho rendrika. Niantso vonjy tamin'i Jesoa ny mpianatra satria nahita an'i Jesoa matory.

Very fanahy mbola velona isika amin'izao ary maro no mitady hanome tsiny an'Andriamanitra. Misy ihany koa ny milaza fa ozona avy amin'Andriamanitra…. Andeha ho dinihintsika ny Tenin'Andriamanitra ahafahantsika hahafantatra ny sitrak'Andriamanitra. Torolalana amin'izany ny « vavaka lehibe » nataon'i Papa tamin'ny 27 Mars 2020.

**Vakiteny I :** Job 38, 1. 8-11
**Tononkira :** Salamo 106
**Vakiteny II :** 2 Kôr. 5, 14-17
**Evanjely :** Mk. 4, 35-40

Tsara ny manamarika araka ny efa averimberintsika fa rehefa mandavantaona tahaka izao dia mitohy vakiteny ary amin'ny taona B dia ny Evanjelin'i Md Marka no vakiantsika. Tantarain'i Md Marka ao amin'ny Evanjely ireo asa fitoriana sy fampianarana maro samihafa nataon'i Jesoa. Tsarovy àry ny fampianarana tamin'ny Alahady lasa teo, Alahady faha-11 mandavan-taona. Mikasika ny voatsinapy ny foto-pampianarana. Na dia kely ohatra ny voatsinapy ny finoantsika dia rehefa mivahatra tsara izy dia mitombo ka ny voro-manidina no mialoka eo amin'ny voatsinapy. Izany ihany koa no miseho raha velona ny finoantsika. Mialoka amintsika ny olona maro. Izany no dikany hoe : EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA ZARY TABERNAKLA VELONA. Mialoka amintsika ny manodidina izany tena Baba isika ka matoky antsika ny manodidina. Raha atao teny hafa izany dia ny hoe raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra no hanao ny asantsika.

Tohizantsika ny fandalinana ny Tenin'Andriamanitra androany nefa aoka anatin'ny saintsika fa na dia kely ohatra ny voatsinapy aza ny finoantsika dia mahavita zava-dehibe.

Nony hariva dia nanasa ny mpianany i Jesoa, hoy ny Evanjely, mba ho eny an-dafindrano, toerana nitoriany ny Vaovao Mahafaly. Nanaraka izany fangatahana izany ireo Apôstôly ka nilaozan'izy ireo ny olona dia nitondra an'i Jesoa tamin'ny sambo kely izy ireo. *Ary nisy tafio-drivotra mahery nampisavoana ny onjan-drano hatrany anaty sambo kely, ka efa nihafeno rano izy. Fa i Jesoa kosa natory teo am-body sambo kely tambonin 'ny ondana.*

Io zava-nitranga tamin'ny alina niampitan'i Jesoa sy ny mpianany io dia entina hilazàna ny fiainantsika mpivahiny ety an-tany. Misamboaravoara ny fiainantsika noho ity KORONTANAVIRUS ity.

Ndeha ho henohintsika ny Papa milaza izany : Lazain'i Papa fa nomarihinan'i Md Marka fa « alina ny andro ». Tena maizina tanteraka ny fiainantsika izao araka ny voalazantsika teo. Maro ny miraviravin-tanana tahaka ireo Apostoly satria « manonja tsy araka ny aina ny fofon'ny rivotra ny fiainana ka mila ho rendrika ny sambom-piainana ». « Very izahay » hoy ny Apostoly. Very fanahy mbola velona isika hoy isika teo. Tahaka ireo Apostoly dia tsy azontsika tanteraka ny fihetsik'i Jesoa ? ohatra tsy mijery ny manjo antsika ? Toa lavitra ? Toa matory : Ry Mpampianatra ô! tsy mampaninona anao va raha maty izahay? : …Mafy ihany koa ny valin-tenin'i Jesoa : « Nahoana no saro-tahotra ianareo? Tsy mbola manam-pinoana ihany va ianareo? » Voalazan'i Md Marka fa vao mainka natahotra ny mpianatra. Navozo ireo Apostoly… Izany koa ny zava-mitranga amin'izao… Manampy antsika hahatakatra ny hevitry ny Evanjely ny Papa eto. Ny marina, hoy izy, tsy i Jesoa no natory fa ny finoan'ny mpianatra no natory izany hoe very ny fitokisany an'i Jesoa rehefa tojo zava-sarotra mafimafy kokoa izy ireo. Karaha izany koa isika miatrika an'ity areti-mandoza be ity, ity KORONTANAVIRUS ity… Any an-danitra no tanjom-piainantsika, any ilay seranana, tsy moramora anefa ny hahatongavana any, sarotra ny làlana, manonja ny rano, maro ireo fahasahiranana sy fahasarotana tsy maintsy atrehina entin'ity KORONTANAVIRUS ity. .! Ady sady dia hoy isika ady amin'ny ratsy mila mandrendrika, tsy mora koa ny dia tena mideza tokoa ka tsy tafavoaka…

Natahotra ny ho faty ireo Apôstôly na dia fantany aza fa ao an-tsambokely miaraka amin'izy ireo i Jesoa. Nofohazin'izy ireo Izy nilazany hoe : Ry mpampianatra ô! tsy mampaninona Anao va raha maty izahay? Dia nifoha Izy ka niteny mafy ny rivotra, ary nilaza tamin'ny ranomasina hoe: "Mangina, mitonia!". Dia nitsahatra ny rivotra ary nitony ny andro. Matetika ny ranomasina dia mampidi-doza; amin'ny fotoana tsy ampoizina dia mitroatra. Tena « tsunami » mila handrendrika sy manapotika ity KORONTANAVIRU ity.

Eto indray dia ho raisintsika ny lesona natolotr'i Papa François. Tsy i Jesoa no matory fa ny finoan'ny Apostoly no voazongonzona ka tsy fantatr'izy ireo izay atao. Niverina tamin'i Jesoa. Io no fihetsika lehibe fototra. Tsy i Jesoa no lavitra na tsy maheno na matory ka toa tsy hita nefa isika mpianatra mijaly miatrika izao areti-mandoza, mila ho ripaka mihitsy… Nitsangan-ko velona tokoa i Jesoa. Nandresy ny ratsy. Naleviny tao am-pasana ny ratsy ary anisan'izany ity KORONTANAVIRUS ity. Tsy matory i Jesoa fa ny finoantsika no matory na marimarina kokoa araka ny fampianaran'i Papa, nampatoriantsika ny finoana. Maro ny voasarik'izao tontolo izao ka revo anatin'ny samboaravaran'ny rendrarendran'ny fanatontoloana.

Mila fohazina ny finoana. Azontsika tsara ny dikan'ny famenoana ireo sajoa soata, ireo siny enina araka ny hafatr'i Masina Maria : « ataovy izay lazainy aminareo ». Fantantsika fa anisan'ireo sajoa fenoina ny « fandalinam-pinoana». Miverena àry isika amin'i Jesoa ka halalino sy hamafiso ny finoana. Aoka hihamafy hatrany ny finoana sy ny fitokisantsika an'Andriamanitra. Izy no mitantana ny zavatra rehetra ary naverimberintsika fa tsy ity KORONTANANAVIRUS ity no tompon'ny teny farany, na dia eo aza ny zava-mitranga maro samihafa tsy fanta-piaviana fa i Jesoa Tenin'Andriamanitra, Alfa sy Omega, Izy tsy miova omaly anio ary mandrakizay. Izy no lalana sy fahamarinana ary fiainana. Hitantsika miharihary ao amin'ny Evanjely fa mahery i Jesoa. Teny indraim-bava dia nangina ilay rivo-mahery mitady hanapotika. Mangina, mitonia!, hoy i Jesoa dia nitsahatra ny rivotra ary nitony ny andro.

Mahery Izy, hainy ny mampangina ny rivotra, hainy ny mampitony ny ranomasina, manam-pahefana lehibe Izy eo anatrehan'ny herin'ny maizina sy ny demony. Hitan'ireo Apôstôly fa tena teo anivon'izy tokoa i Jesoa. Eo anivontsika mandrakariva i Jesoa na dia amin'ireny fotoan-tsarotra ireny aza. Famantarana sy fahagagana maro no nataon'i Jesoa kanefa dia mbola kely finoana ihany izy ireo. Raha sanatria ka nilentika ny sambo, dia tsy ireo Apôstôly ihany no ho faty, fa ho niara-maty tamin'izy ireo ihany koa i Jesoa. Ny hoe: *Tsy mampaninona anao ve raha maty izahay,* dia toa mbola ahitana taratra fitiavan-tena ihany. Toa milaza ny toe-tsaina mihapotika miatrika an'izao krizy izao : samy mandeha samy mitady… vokatr'io fitiavan-tena io dia manjaka mandrakariva ny tahotra…

Mampianatra i Papa ao amin'ny Ansiklika fa raha te handresy izao KORONTANAVIRUS izao dia tsy maintsy miverina amin'i Jesoa isika ka mametraka « politika lavorary » araka ny hafatra nampitain'ny Eveka tamin'ny Pantekoty teo. Mila « politika lavorary » hitondra amin'ny « firahalahiana sy fifankatiavana eo amin'ny fiaraha-monina » ny firenena tsirairay avy mba hahatonga antsika ho fianakaviam-be tokoa miara-miaina eto amin'ity Tranobe iombonana ity. Tsy inona io « politika lavorary » io fa ny fahafoizana sy ny fanompoana ao anatin'ny fahamarinana sy fikatsahana ny soa iombonana". Io voalazan'ny Eveka io no foto-pampianarana ao amin'ny Taratasy Pastôraly faha 8 ka velabelarain'ny Annexe 3. Hararaoty àry fa efa nisy dingana nataontsika. Hiroso amin'izay ny fanorenana ny Fianakaviamben-Janahary = Fratelli Tutti = Olo Araiky isika Jiaby ka tsy rendrika intsony ity Tranobe iombonana ity satria vokatry ny finoantsika velona mifoha, entanin'ny rano velon'ny fanentanana ary atosika ny fitiavana dia miova tanteraka ny fifandraisana rehetra : fifandraisana amin'ny zava-boary izao voakolokolo izao ka mamelona, fifandraisana amin'ny mpiara-belona mifototra amin'ny fihavanana voadio, fihavanana sady kristianina no malagasy, fifandraisana amin'Andriamanitra velarin'ny finoana sy fanentanana ary fitiavana mandrakariva.

Ireo rehetra ireo no teny nataon'i Jesoa izay raha jerena maimaika dia toa mavesatra nefa teny mametraka tsara ny anjara toeran'ny Apostoly antsoina handresy ny rivotra mahery entin'izao tontolo hanapotika ny Eglizy izao: *Nahoana no saro- tahotra ianareo? Tsy mbola manam-pinoana ihany va ianareo?* Averin'i Jesoa amintsika ireo teny ireo isaky ny tsy ampy fitokisana Azy sy matahotra isika. Efa nahazo ny fanomezan'ny finoana isika ka tsy tokony hatahotra intsony. Miaraka amintsika i Jesoa, eo anivontsika Izy. Izy no Ilay Kapiteny mitondra ny sambom-piainantsika. Aza matahotra fa raha mitoky Aminy dia ho tody soa aman-tsara any an-tseranana. Tsy ity KORONTANAVIRUS ity no hanana teny farany fa i Kristy. Ny anarana hoe « kristianina » dia avy amin'i Kristy ka noho izany handresy amin'ny « ady » isika ary ho tody amin'ny « dia » ataontsika.

Ny Vakiteny voalohany ao amin'ny Bokin'i Joba dia nofidin' ny Eglizy manokana amin'izao vanim-potoana mandavataona izao satria misy itovizany amin'ny Evanjely. Fa tsy maintsy fantatra tsara aloha ny tantaran'i Joba, na ny zavatra niseho taminy, vao afaka mahazo tsara ny Vakiteny novakiana teo. Maro ny fanontaniana napetrak'i Joba tamin'Andriamanitra noho ny fitsapana mafy nanjô azy, nanome tsiny Azy izy! Nanantena valim-panontaniana avy amin'Andriamanitra i Joba, kanefa toa novaliany tamin'ny fametrahana fanontaniana indray izany: *Iza moa izato manamaizina ny fandaharan'Andriamanitra amin'ny teny tsy misy fahalalana? Iza no nanidy ny ranomasina tamin'ny varavarana, fony izy nivoaka nisavoamboana avy any am-bohoka, raha nanao ny rahona ho fitafiany Aho, ary ny zavona matevina ho lambam-pandriany; raha nampanaja azy ny didiko sy nanisy hidy amam-baravarana taminy, ka nilaza tamîny hoe: Hatreto alehanao, ka tsy hihoatra, fa eto no hijanona ny fianjonanjonan'ny onjanao.* Tankina i Jobà, tsy manan-kavaly intsony teo anatrehan'ny lahateny sy ny fahendren'Andriamanitra. Izy irery ihany no afaka mampitony sy mibaiko ny ranomasina. Ny olona manoloana izany dia tokony hiaiky ny maha-olona osa sy malemy

azy, voafetra, tsy hahatakatra amin'ny fomba lavorary ny tena fahendrena sy fandaharan'Andriamanitra: *Ny fihevitro tsy fihevitrareo, ny lalako tsy lalanareo.* Andriamanitra irery izany no Tompon'ny hery sy ny fahefana rehetra. Voaporofo tao amin'i Jesoa izany: *Mangina, mitonia!* Fampianarana raisintsika àry ny mahay mangina toa an'i Joba eo anatrehan ny fandaharan'Andriamanitra; ilaina ny fitokisana tanteraka Aminy, ny fibanjinana sy figagana ny fahendreny lalina dia lalina tokoa. Raha atao amin'ny teny hafa dia ny fihetsik'i Joba no lalan-kombana. Tsy hoe nanaiky fotsiny fa nahatsapa fa ny fitoerana ao amin'Andriamanitra no lalam-pamonjena. Fitoerana ao amin'Andriamanitra, ny fitoerana amin'i Jesoa dia midika mivelona tahaka an'i Jesoa. Izay no atao hoe fiainana kristianina. Io fiainan'i Joba io no fiainan'ny EOV MISIONERA VITA BATEMY KA ZARY TABERNAKLA VELONA.

Fintinin'i Md Paoly io foto-pampiarana io ao amin'ny Vakiteny faharoa. Tsy misalasala i Paoly manambara ny maha-zava-dehibe ny fitiavan'i Kristy, izay nambabo sy nanetsaka ny fiainany manontolo ary nanery azy hitondra sy hizara izany amin'ny hafa. Efa niteny izy hoe: *Ny fitiavan'i Kristy no manery anay.* I Kristy maty sy nitsangan-ko velona no notorin'i Md Paoly tamin'ny toerana rehetra nalehany. Tiany ampitaina ny hoe: miara-maty amin'i Kristy isika mba hiara-belona Aminy koa. Ny fiainantsika tokoa dia miafina ao aminny fiainana sy ny misterin'i Kristy. Dieny ankehitriny dia tokony efa hita taratra eo amin ny fiainantsika sahady ny fahavelomana sy ny fandresena ny fahotana sy ny herin'ny maizina. Olom-baovao isika ao Aminy, efa nohavaoziny, ka tsy maintsy mandao ny zavatra taloha. Amin'ny maha-olom-baovao dia tsy velona ho an'ny tenantsika isika fa velona ho an'i Kristy, toa Azy sy maka tahaka Azy, Ilay nanolotra ny Tenany sy ny fiainany ho an'ny olombelona rehetra. Ny fiainan'ny kristianina noho izany dia tsy maintsy lasa fiainana fahafoizana, fahamarinana fitiavana sy fanompoana, fa tsy hoe fikombonana sy fitiavana ny tena ary anjakan'ny lainga sy fitapitaka ary ny risoriso.

Jesoa ô, tahaka ireo Apostoly izahay no manontany hoe : Zovy tokoa moa Ianao ka ny rivotra sy ny ranomasina jiaby no manaiky anao ? Miaraka amin'izy ireo izahay miatrika izao KORONTANAVIRUS izao manambara fa Lehilahy Mahery tokoa Ianao Jesoa, Mpanjakanay asandratray, miaiky anao, miaiky ny ny herinao izahay Jesoa. Ampio hiroso amin'ny lalalindalina izahay. Velomy ao aminay ny tena fihavanana, ilay fihavanana nampianaranao ka sady kristianina no malagasy tokoa, fihavanana mampiombona anay ho fianakaviamben'Andriamanitra. Volan'ny Fo Masin'i Jesoa izao volana Jiona izao ka ampireheto ao am-ponay tsiraikiraiky ny afom-pitiavanao ka hahatonga anay ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Masina Maria, Md Josefa ampianaro izahay hitoetra mandrakariva ao amin'i Jesoa na dia mafy aza ny rivotry ny fiainana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson